<u>LAZA ADINA I</u> : Hoy R.P. RAHAJARIZAFY: “ Ny fanahy dia ilay enti-mieritreritra sy ilay enti-misaina, ilay enti-mitsapa ny atao na ny tsy tokony, na ratsy na tsy mety, ilay enti-mitondra tena” . Fakafakao

Anisan’ny nampirindra ny fiarahamonina Malagasy ny fiheverana ny fanahy maha-olona. Ampahany amin’izany ity voalazan’ny mpandinika ity hoe: << Ny fanahy dia ilay enti-mieritreritra sy ilay enti-misaina, ilay enti-mitsapa ny atao na ny tsy tokony, na ratsy na tsy mety, ilay enti-mitondra tena ». Nasongadiny mazava eto ny maha izy azy ny fanana-panahy. Moa ve tena manana anjara lehibe amin’ny maha olona ny olona tokoa ny fanana-panahy? Hoentina mamakafaka izany eto dia haroso ny famaritana ny fanahy teo amin’ny Malagasy . Manaraka izany no hijerena ny endrika isehoan’ny fanana-panahy.

Ny fanahy dia ilay entina mandinika sy mandalina eo amin’izay toe-java-mitranga. Izany hoe ny olona manam-panahy dia olona mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy eny amin’izay rehetra misy azy,ary tokony ho hita eny aminy mandrakariva izany fananany fanahy izany satria io fanahy io ilay mampiavaka ny olom-belona amin’ny zava-manan’aina rehetra. Izany indrindra no nahatonga ny fiarahamoninna Malagasy nilamina sy tsy nisy raorao satria samy nahay nandanjalanja ny fomba fihetsika sy ny ataony avokoa ny tsirairay. Manamafy izany ny voalazan-nRANDRIA Michel hoe: << Ny teny hoe fanahy dia filazana ankapobeny ny fisainana ao anaty>>.

Voalaza fa entina mamantatra ny tokony atao na ny tsy tokony atao ny azo hamaritana ny fanahy. Akoatra izay dia ny fanahy ihany koa no entina mitondra tena.

Ny fanahy dia azo lazaina koa hoe fitaovana entina mitondra tena satria ny olona mana-panahy dia olona mendrika sy miavaka eny anivon’ny fiarahamonina.Afaka mitandrina ny fihetsika sy ny atao eo anatrehan’ny olona mifandray aminy. Azo ambara araka izany fa io fanahy io dia fitaovana iray anisany mahatonga ny olona hahay hitondra tena ka mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy sy ny tokony hataony. Hoy indrindra RANDRIAMAROLAZA Louis Paul manao hoe: << Ny fanahy no fitaovana hahafahana mifehy ny herin’ny tena sy ny hery ivelany >> .

Hita teo ary fa fitaovana entina mandinika sy entina mitondra tena no namaritana ny fanahy. Fa ahoana kosa no mety ho endrika isehoan’ny fananam-panahy ?

Miseho amin’ny endrika maro ny fananam-panahy ka isany izany ny fahafehezan-tena. Ny olona mana-panahy dia olona mahafehy tena, afaka mandanjalanja ny zava-misy, mahay miaina sy manaja ny hafa ary ny manodidina azy. Izany indrindra no ilazana fa enti-mitsapa ny atao ny fanahy. Ary hita izany amin’ny ohabolana mifono fahendrena sy fanana-panahy manao hoe : << Ny hendry mody voky fa ny adala manesika ihany>>.

Akoatra izay dia mbola endrika isehoan’ny fananam-panahy ihany koa ny fahendrena. Raha hazavina misimisy kokoa dia tokony hanana fahendrena mandrakariva ny olona mana-panahy. Anisany itsaran’ny fiarahamonina ny olona iray io fahendrena io, noho izany, lazaina fa miseho amin’ny endrika mendrika sy tsara mandrakariva ny fananam-panahy, izany hoe, azo andrefesana ny fahendrena ihany koa ny fananam-panahy. Ary ny olona manam-panahy dia olona mahalala ny mety sy ny tsy mety; ny tsra sy ny ratsy. Hoy indrindra ny Ohabolan-drazana manao hoe: << Raha hitsapa rano, hazo lava raisina,fa raha hitsapa fahendrena dia fanahy jerena >>.

Raha fintinina izay voalaza tetsy ambony dia hita fa fitaovana entina mandinika sy mitondra tena ny fanahy.Teo ihany koa ny endrika nisehoan'izany fananam-panahy izany izay tsy inona akory fa ny fahaizana mitondra tena sy ny fahendrena. Rehefa natao bango tokana dia fantatra fa anisany maneho ny maha izy azy ny olona ny fanahy, ary azo lazaina fa mampirindra ny fiarahamoninna Malagasy.Eto dia ambara fa hain'ny mpandinika ny manasongadina ny lanjan'ny fananam-panahy. Mety hiteraka fandrosoana ho an'ny mpiara-belona ve ny fanana toe-panahy mendrika ?

<u>LAZA ADINA II</u> : Hoy RANDRIANJOANIMANANA Olivier: « Sakana tsy mampandroso firenena ny finoana ny Razana » Fakafakao sy tsikerao

Rafitra antanatohatra fahatelo aorian'ny zanahary ny Razana izay ifotoran'ny foto-pinoana Malagasy.Samy manana ny fanehoan-kevitra anefa ny mpandinika mikasika io finoana ny Razana io ka iray amin'izany ity voalazan'ny mpandinika iray ity manao hoe : << Sakana tsy mampandroso firenena ny finoana ny Razana. Asongadin'ity mpandinika ity eto ny vokatry ny finoana ny Razana. Inona àry no azo ambara mikasika izany finoana ny Razana izany? Mba hahafahana mamakafaka izany dia hojerena voalohany fa tsy mitondra fandrosoana ny finoana ny Razana, manaraka izany no hitsikerana fa miteraka voka-dratsy ny fanaovana tsinotsinona ny Razana.

Nahoana no lazaina fa tsy mitondra any amin'ny fandrosoana ny finoana ny Razana? Ny finoana ny Razana dia azo lazaina fa miteraka tsy fandraisana andraikitra.Rehefa mino ny Razana ny olona dia mionona fotsiny amin' ny zava-misy ary miantehitra amin'ny herin'ny Razana fa tsy mitady tsaratsara kokoa. Ohatra, tokony hanao zavatra iray dia manantena fa ny Razana dia mitahy sy manampy amin'izay atao rehetra,hany ka raha tsy tanteraka izay atao dia lazaina fa tsy sitraky ny Razana. Izany hoe manatena be fahatany ny fanampian'ny Razana ny ankamaroan'ny olona fa tsy mandray andraikitra. Izany indrindra no nisian'ny fitenenana manao hoe: << Raha Razana tsy hitahy mifoaza hiady vomanga>>. Izany hoe manatena izy fa hitahy sy hanampy azy ny Razana ka miandry fotsiny ny anjarany fa tsy manao ny andraikitra tandrify azy ary izany no ilazana fa tsy mampandroso ny finoana ny razana.

Tsy izany tsy fandraisana andraikitra izany ihany anefa no ilazana fa tsy mampandroso ny finoana ny razana fa mbola manampy izany ihany koa ny fianteherana anjambany ny finoana azy.

Tsy mampandroso ihany koa ny finoana ny Razana satria miantehitra anjambany amin'ny finoana azy ny olona . Mazàna ny fiarahamonina mandala ny finoana ny Razana dia toy ny jamba ka tsy mahalala fandrosoana sy tery saina ary tsy afaka mivelatra misimisy kokoa eo amin'ny fiainana. Izany hoe mandray antendrony ilay finona ka tsy mampandroso ny firenena. Hoy indrindra i EDA ao amin'ny fanagasiana manao hoe: << Ny fianarana dia mamolavola ny saiana hikaroka hatrany sy hanaiky ny azo porofoina, napetraka ho isan'ny finoanoam-poana àry ny finoana ny razana . Fa ny fianarana mantsy dia nitarika ny saintsika ka tsy hino intsony ny zavatra tsy azo hamarinina>> . Araka izany dia mandeha anjambany fotsiny ihany ny finoana ny Razana fa tsy voamarina ara- tsiansa ary izany no ilazana fa tsy mampandroso.

Hita teo àry fa miteraka tsy fandraisana andraikitra sy fianteherana anjambany fotsiny ihany ny finoana ny Razana ka azo lazaina fa tsy mampandroso ny firenena. Fa mety hanao ahoana kosa ny vokany raha manao tsinotsinona azy isika?

Miteraka voka-dratsy ny fanaovana tsinotsinona ny Razana. Teo amin'ny Malagasy dia nanana ny hasina lehibe ny Razana ka izay minia manao tsinotsinona azy dia voan'ny todin-dRazana .Misy zavatra ratsy mifanesy izay mahazo olona tsy manome ny hasina ny Razana, toy ny aretina, fahantrana ary mety ho fahafatesana mihitsy aza. Tsy vitan'izany fa rehefa voan'ny todin-drazana ny olona iray dia ailikilikin'ny mpiara-belona. Ny Malagasy dia nino tokoa fa misy ny todin-drazana, manamafy izany ny voalazan -dRANDRIA Mïchel hoe: << Ny hafatra sy ny todin-drazana dia manankery amin'ny taranany>>.

Voalaza tetsy ambony fa mety hiafara amin'ny todin-drazana ny fanaovana tsinotsinona azy ireo. Tsy izany ihany anefa fa mety hahavery hasina ihany koa izany.

Tsy ahazoana tso-drano avy amin'ny Razana ihany koa ny voka-dratsy ateraky ny fanaovana tsinotsinona ny Razana. Zava-dehibe teo amin'ny Malagasy ny tso-drano indrindra fa avy amin'ny Ray aman-dreny nahitana masoandro sy ireo Razana niandohana. Izany indrindra no nahatonga ny Malagasy tsy hanao tsinotsinona ny Razana ka mametraka azy ireny eo amin'ny toerana maha Ray aman-dreny azy na dia efa Razana aza. Izy Ireny no nataon'ny Malagasy fangatahan-tsodrano rehefa misy ny zavatra atao ka narovany fatratra ny tenany sy ny taranany mba tsy hanimbazimba ny razana ka hahazo tso-drano fa tsy sanatria ozona akory. Manamafy izany ny voalazan-dRANDRIA Michel hoe : << Masina indrindra ny tso-dranon-drazana, manan-jo ny hafa-drazana, ary mahery ny ozo-drazana ka natahoran'ny Malagasy sy notandremany mafy >> .

Mety tsy hitondra fandrosoana tokoa ny finoana ny Razana raha entina amin'ny fomba fisainana marivo sy tsy ampy fandalinana. Ny finoana ny Razana tsy arahIna ezaka sy asa dia zava-poana ihany. Raha tiana ny handroso eo amin'ny fiainana dia ilaina ny malala-tsaina sy tia karoka mba hahafahana mijery ny mahasoa kokoa. Tsy midika velively anefa izany fa fanaovana tsinotsinona ny Razana. Amin'ny maha Malagasy dia tokony homena lanja mandrakariva ny Razana satria izy ireo no mijery ny mazava sy nanana ny tanindrazana. Kanefa kosa mila manana toe-tsaina mandroso sy mamakafaka ny tsirairay fa raha tsy zany dia hijanona hahantra sy tara amin'ny fandrosoana hatrany ny tanitsika,hany ka ataon'ny tany efa mandroso fitaovana enti-misondrotra fotsiny ihany.

Eto ampamaranana àry, dia ampahatsaivina fa tsy mitondra fandrosoana hoan'ny Malagasy ny finoana fotsiny ny razana fa mila ezaka sy asa ary fandraisana andraikitry ny tsirairay . Atao mifanindran-dalana amin'izany ihany koa anefa ny fanomezana hasina ny razana mba tsy hiharan' ireo loza mety hitranga amin'ny fanaovana tsinotsinona azy ireo. Raha izany no tanteraka dia mety handroso ihany ny Firenetsika. Ahoana kosa àry ny paikady atao mba hahafahana manatanteraka izany?

<u>LAZA ADINA III</u>: Hoy I FETY Michel: « Mino marimarina izy fa misy Andriamanitra ambonin'ny zavatra rehetra sy manara-maso ny fiainan'ny olona tsirairay ary mamaly azy araka ny asany avy ». Fakafakao

Anisan'ireo singa lehibe nentin'ny Malagasy nandrindra ny fiainam-piaraha-monina teo aminy ny finoana an'Andriamanitra. Milaza izany indrindra ity mpanoratra iray ity manao hoe**:** << Mino marimarina izy fa misy Andriamanitra ambonin'ny zavatra rehetra sy manara-maso ny fiaina'ny olona tsirairay ary mamaly azy araka ny asany avy>> . Asongadin'ity mpanoratra ity eto ny lanjan'ny finoana an'Andriamanitra**. I**nona ary no azo ambara mikasika io fiheverana io? Mba hahafahana mamakafaka izany dia hazavina misesy etsy ambany ireto lafin-javatra manaraka ireto ka voalohany dia ny fiheveran'ny

Malagasy an’Andriamanitra, ny faharoa dia ny anjara asa an’Andriamanitra eo amin’ny olona.

Fa inona tokoa moa no fiheveran’ny Malagasy izany Andriamanitra izany? Raha ny voalazan’ny mpanoratra no jerena dia mino ny fisian’Andriamanitra isika Malagasy. Izany hoe tsy mba nanana fisalasalana izy fa mino marina tokoa fa misy izany Andriamanitra izany ary asehony eo amin’ny fiainana andavanandro mihitsy ny finoany.Noho izany dia nihevitra ny Malagasy fa misy tokoa Andriamanitra ary anisany nampiavaka azy tamin’ny firenena maro izany.Manaporofo ny finoan’ny Malagasy ny fisian’Andriamanitra ity Ohabolana ity manao hoe:<< Aza ny lohasaha mangina no jerena fa Andriamanitra atampon’ny loha>>.Mazava araka izany fa nino ny fisian’Andriamanitra isika malagasy.

Voalaza teo ambony fa misy tokoa Andriamanitra raha ny fiheveran’ny Malagasy azy. Tsy izany ihany anefa fa nomeny toerana ambony izy.

Nihevitra ihany koa isika Malagasy fa Andriamanitra no ambony indrindra amin’izao tontolo izao.Noho ny fananany toerana ambony dia afaka mifehy ny zavatra rehetra izy; atao loha- laharana amin’ny fiainana manotolo. Hita sy tsapa izany teo amin’ny andavanandrom-piainan’ny Malagasy fa rehefa mivavaka izy dia omeny haja voalohany Andriamanitra ary tsy vitan’izany fa nataony ambony noho ny Zanahary sy ny Razana. Araka izany dia noheverin’ny Malagasy fa ambony noho ny rehetra Andriamanitra. Izany indrindra no nahatonga ilay fitenena manao hoe : << Ambony fipetraka Andriamanitra fa iva fijery>>

Hita fa mino ny fisian’Andriamanitra ny Malagasy teo amin’ny fiainany, tsy izany ihany fa rehefa mino an’Andriamanitra dia nomeny toerana ambony. Izany rehetra izany no fiheveran’ny Malagasy an’Andriamanitra. Fa manao ahoana kosa àry ny anjara asany?

Manana ny anjara asany manokana Andriamanitra amin’ny maha ambonin’ny zavatra rehetra azy. Anisany izany ny mamantatra sy mijery ny zava-drehetra izay ataon’ny olona. Anjara asa lehibe ataon’Andriamanitra ny manaramaso ny fiaina’ny olona ka izany indrindra no nahatonga ny Malagasy hanao ny marina sy handala ny rariny hatrany satria fantany fa mijery sy mahita ny ataon’ny olombelona mandrakariva Andriamanitra amin’izay rehetra ataony. Hamafisiny amin’ny alalan’ny Ohabolana izany manao hoe : << Ny adala no tsy ambakaina, Andriamanitra no atahorana>>

Voalaza teo ambony fa mamantatra sy mijery ny zava-drehetra ataon’ny olona ny anjara asan’Andriamanitra. Tsy izay ihany anefa fa mbola izy ihany koa no mamaly ny asan’ny olona araka ny asany avy.

Tsy izay ihany fa mamaly ny asan’ny olona ihany koa dia anjara asan’Andriamanitra. Ny Ntaolo dia efa nahalala fa tsy anjaran’ny olona ny famaliana fa an’Andriandafivaratra, ary izany foto-pisainana izany indrindra no itarafana ny fahendrena ananan’ny Malagasy. Noho izany dia valian’Andriamanitra araka ny asany avokoa ny tsirairay ka nahatonga ny Malagasy hiezaka hanao ny mety sy hanaraka ny hitsiny satria raha tsara ny atao dia tsara ihany koa no hamalian’ Andriamanitra azy, ary raha ratsy ny atao dia ratsy ihany koa no avaliny amin’izay manao ratsy. Izany indrindra no ilazana fa :<< Ny soa atao ilevenam-bola, fa ny ratsy atao loza mihantona>>. Midika izany fa tsy maintsy mivaly mandrakariva ny zavatra atao na soa na ratsy.

Eto am-pamaranana àry dia tsara ny mampahatsiahy fa manana ny fiheverany manokana ny Malagasy mikasika an'Andriandafivaratra. Nino ny fisiany ary nanao azy ho ambony indrindra noho ny zavatra rehetra. Rehefa izay dia nojerena ihany koa ireo anjara asan'Andriamanitra amin'ny maha ambony azy. Hita àry fa manara-maso sy mamaly ny ataon'ny tsirairay avy no ataon'Andriamanitra. Izany rehetra izany dia midika fa fatra-pandala ny fisian'Andriamanitra ny Malagasy ary manome haja sy hasina azy. Moa ve mbola manjaka mandrak'ankehitriny izany ?

<u>LAZA ADINA IV</u>: Hoy ity mpandinika iray: <<Ny serasera ara-tekinolojia dia miteraka voka-tsoa sy voka-dratsy eo amin'ny fiarahamonina sy eo amin'ny firenena>>.Fakafakao

Sehatra iray miroborobo ankehitriny aty amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana toa an'i Madagasikara ny serasera ara-tekinolojia. Azo lazaina ho endri-pivoarana iray izay tsy azo ialana eo amin'ny fiainana andavanandron'ny Malagasy amin'izao fotoana izy io. Milaza eto ny mpandinika iray manao hoe: "Ny serasera ara-tekinolojia dia miteraka voka-tsoa sy voka-dratsy eo amin'ny fiarahamonina sy eo amin'ny firenena." Inona avy ary ireo vokatry ny fampiasana serasera ara-tekinolojia eo amin'ny fiarahamonina sy eo amin'ny firenena? Mba hahafahana mamaly izany dia andeha hofakafakaina ao amin'ny fizarana voalohany ireo voka-tsoa azo avy aminy, manaraka izany hohazavaina ireo voka-dratsy aterany, ary haroso ao amin'ny fizarana farany ireo vahaolana samihafa manampy amin'ny fampiasana izany.

Ireo voka-tsoa eo amin'ny fiarahamonina sy eo amin'ny firenena avy amin'ny fampiasana serasera ara-tekinolojia.

Voalohany, anisany tombony lehibe amin'ny fampiasana tekinolojia ankehitriny ny fampitana vaovao haingana amin'ny fotoana rehetra. Ohatra amin'izany, raha misy lozam-pifamoivozana na zavatra nitranga ao amin'ny fiarahamonina iray, dia haingana be ny fotoana fiparitahan'ny vaovao ka lasa mahafantatra avokoa ny rehetra. Tombony lehibe ny fanarahana izany ary azo lazaina ho miampita eo noho eo mihitsy ny vaovao. Tsy voetary hanjifa gazety na hanaraka fampahalalam-baovao amin'ny haino aman-jery intsony vao maharaka vaovao.

Faharoa, ankehitriny ihany koa dia manana tombony manokana ny tanora eo amin'ny sehatry ny fianarana sy ny fiofanana arak'asa samihafa satria na any amin'ny faritra aza dia afaka misitraka fampiofanana sy fianarana eto an-tanan-dehibe amin'ny alalan'ny fampianarana ampitain-davitra izany. Voka-tsoa lehibe izany satria noho ny fisian'ny serasera ara-tekinolojia dia tsy voatery miakatra aty an-drenivohitra izy manovo fahalalana fa afaka mijanona any amin'ny toerana misy azy ihany.

Fahatelo, tombony amin'ny serasera ara-tekinolojia ihany koa ny fahazoana asa eo amin'ny olona sasany. Ankoatra ny maha serasera azy dia azo ampiasaina ho fitadiavam-bola ihany koa mantsy izy io. Ohatra amin'izany, ny sehatry ny varotra. Amin'ny maha tambazotra azy, dia betsaka ireo olona mampiasa azy sy mifamahofaho ao anatiny. Araka izany, saika hita taratra ao anatin'ny serasera ara-tekinolojia avokoa ireo karazana varotra rehetra mba tsy ilazana hoe toy ny mandeha mivantana eny an-tsena mihitsy aza. Ary mba hanamorana ny fiainana andavanandro dia efa misy sokajiny avy araka izay entana ilaina. Ohatra amin'izany ny fivarotana kojakoja ilaina amin'ny fiainana andavanandro, karazana biby fiompy, fitafiana isan-karazany, fiara … Mety ahitana tolotr'asa ihany koa

aza. Anisany tombony ihany koa ny fanatonan'ny entana sy ny mpivarotra any amin'ny toerana misy anao. Tombony lehibe eo amin'ny andavanandrom-piainan'ny olona izany.

Raha hita teo ary fa maro ireo tombontsoa ateraky ny serasera ara-tekinolojia toy ny fampitana vaovao haingana, eo noho eo, ny fampianarana ampitain-davitra, ary mitondra asa sy mampita tolotr'asa eo amin'ny fiarahamonina ihany kosa. Hohazavaina ato amin'ny fizarana manaraka kosa ireo voka-dratsy aterany.

Ankoatra ny voka-tsoa ateraky ny serasera ara-tekinolojia dia maro ihany koa ireo voka-dratsy aterany, isany amin'izany ny fanakorontanana sy lainga maro samihafa mifamahofaho ao. Amin'ny maha be olona mampiasa azy dia tsy voasivana intsony ny vaovao miparitaka fa na marina izany na tsia dia mivoaka eny ihany. Ahitana sokajin'olona marobe mantsy ny mampiasa azy, misy ireo izay tena matotra, ao ireo manala andro fotsiny, ao ny mpihanihany, misy ankizy, misy tanora, misy lehibe. Mifangaro ao ihany koa ny sarangan'olona eny anivon'ny fiarahamonina.

Miteraka fikorontanana eo anivon'ny firenena ihany koa ny serasera ara-tekinolojia satria misy antokon'olona izay manakorontana sy manely tsaho fotsiny. Tsy fantatra intsony izay raharaham-pirenena marina sy diso fa samy milaza ny heviny ao avokoa. **Manampy trotraka izany ihany koa ny fahaverezan'ny fotoana lany eo sy ny fiankinan-doha be loatra.** Mety hahatonga ny olona ho sahirana amin'ny fialam-boly sy fitaovam-pifandraisana, ka manimba ny fotoana manan-danja na ny fifandraisana amin'ny olona mivantana.

Voka-dratsy lehibe aterany ihany koa ny fahitana fa variana loatra amin'io serasera ara-tekinolojia io ny tanora ankehitriny. Hany ka tsy mandala ny kolontsaina malagasy intsony fa variana amin'ny kolontsaina avy any ivelany. Ohatra amin'izany ny fanimbana ny fanoratra teny malagasy amin'ny alalan'ny soratra maro sosona na ny SMS, ny fanaovana fanafohizan-teny samihafa, tsy lazaina intsony ny tsy fahaizana mampiasa teny malagasy madio fa manafangaro amin'ny tenim-pirenena hafa. Ny mpandinika Rahaingosoa Henri anefa miteny fa "Andrianiko ny teniko, ny an'ny hafa koa feheziko." Ankoatra ny teny ampiasaina dia eo ihany koa ny fiantraikan'ny fidiran'ny kolontsaina vahiny amin'ny alalan'ny serasera ara-tekinolojia eo amin'ny tanora malagasy. Ohatra amin'izany, ny fandihy mampiseho vatana, ny fitafiana hila hiboridana izay mifanohitra tanteraka amin'ny kolontsaina malagasy. Ireny rehetra ireny dia miteraka akony mihiba aty amin'ny firenena ka manary ny maha izy azy ny firenena.

Voaporofo teo ary fa maro ny voka-dratsy ateraky ny tekinolojia toy ny fanaparitahana vaovao tsy marina, fanakorontanana izay mandrebireby ny sain'ny vahoaka ary ny fahaverezan'ny hasin'ny teny malagasy sy ny kolontsaina mampiavaka amin'ny hafa. Inona kosa ary ireo vahaolana manoloana izany?

Hohalalinina ato amin'ny fizarana farany ireo marimaritra iraisana amin'ny fampiasana serasera ara-tekinolojia. Ny fahombiazan'ny **fampiasana serasera ara-tekinolojia** dia miankina amin'ny fahaiza-manao sy ny fepetra ampiasain'ny olona na fikambanana amin'ny fitaovana sy ny rindranasa samihafa, toy ny aterineto, ny finday, na ordinatera, amin'ny tanjona hahafahana mifandray, mizara vaovao, na manatanteraka asa ara-

teknika. Fepetra iray takiana amin'ny fampiasana izany ihany koa ny fananana fahana izay akora fototra ampiasaina amin'izany.

Ilaina ny fahaizana manadanjalanja izay vaovao hita ao, mila hadihadiana sy tadiavina ny marina alohan'ny inoana azy na dia sarotsarotra aza ny manavaka izany manoloana ireo zavatra marobe hita ao. Manamafy izany ilay ohabolana hoe "Ny marina toy ny trondro vaventy, tsy hita raha tsy amin'ny rano lalina."

Lesona iray azo tsoahina amin'ny fampiasana serasera ara-tekinolojia ihany koa ny tsy famoahana ny antsipiriany amin'ny fiainana ao anaty tambazotra serasera. Ireny mantsy no tetika iray anarahan'ny manodidina izay ireo tetikasanao ka mahatonga ny sasany hialona sy haneho ny haratsian-toetrany hisompatra ny fiainan'olona fotsiny.

Eto am-pamaranana ary, dia hita fa maro ireo tombontsoa azo avy amin'ny serasera ara-tekinolojia toy ny fampitana vaovao haingana, eo noho eo, ahazoana asa mampidi-bola ny fahaizana mampiasa azy, ary manampy amin'ny fandrindrana sy fitsinjovana ny fotoana ihany koa izy amin'ny alalan'ny fampianarana ampitain-davitra. Tsy latsa-danja ihany koa ireo voka-dratsy ateraky ny tsy fahaizana mifehy azy, tahaka ny fanaparitahana vaovao tsy marina izay mandrebireby ny saim-bahoaka, ny fiankinan-doha be loatra aminy ary ny fahasimban'ny teny sy ny kolontsaina malagasy manoloana ny firoboroboan'ny kolontsaina vahiny izay mibahana ao anatin'ny serasera ara-tekinolojia. Araka izany, ilana fahaizana mandanjalanja ny fampiasana azy, ilana fanamarinana ny vaovao rehetra hita ao, ary indrindra indrindra, ilaina ny mitahiry ny kolontsainan'ny tena fa tsy mora resy lahatra amin'ny an'ny firenen-kafa.

<u>LAZA ADINA V</u>: Hoy I Solofo José: "Raha fahefam-bahoaka marina no tiana hajoro, …dia tsy maintsy tsinjovina ny fahefan'ny tsirairay ary tandrovina ny filaminana miaraka amin'ny fahatezan'ny fiarahamonina." Fakafakao

Samy manana paikady heverina fa mahomby eo amin'ny sehatry ny fitantanana ny fanjakany ny firenena rehetra. Isany amin'izany, ny fanonezan-danja ny fahefam-bahoaka. Milaza eto i Solofo José fa "Raha fahefam-bahoaka marina no tiana hajoro … dia tsy maintsy tsinjovina ny fahefan'ny tsirairay ary tandrovina ny filaminana miaraka amin'ny fahatezan'ny fiarahamonina." Mipetraka ary ny fanontaniana manao hoe: Tsy maintsy mitsinjo ny fahefan'ny tsirairay tokoa ve raha fahefam-bahoaka marina no tiana hajoro? Entina mamaly izany fanontaniana izany dia andeha hofaritana ao amin'ny fizarana voalohany ny atao hoe fahefana, fahefam-bahoaka, hofakafakaina ao amin'ny fizarana faharoa kosa ireo fepetra takiana amin'ny fampijoroana ny fahefam-bahoaka, ary hohazavaina ao amin'ny fizarana farany ireo vokatra ateraky ny fampijoroana ny fahefam-bahoaka.

Inona tokoa ny atao hoe fahefana? Ara- piforonan-teny, ny teny hoe fahefana dia azo avy amin'ny fototeny 'efa' izay midika hoe vita, tanteraka soa aman-tsara, tontosa an-tsakany sy andavany, lavorary. Ara-kevitra kosa, ny fahefana dia fahafahana manao zavatra iray tsy misy fisalasalana izany hoe hery enti-mandidy sy manapaka. Ohatra amin'izany, ireo mpitondra manana fahefana amin'ny vahoaka entiny.

Ny atao hoe fahefam-bahoaka kosa indray na ny demokrasia dia rafitra fanao amin'ny fitantanana sy fifehezana ny firenena izay manome lanja ny safidin'ny vahoaka amin'ny alalan'ny fifidianana. Amin'ny fahefam-bahoaka, ny olona dia manana zo sy fahafahana mifidy ireo mpitondra na mpikambana amin'ny governemanta. Ny fototry ny demokrasia dia ny fahafahan'ny olom-pirenena miteny, manan-kery amin'ny fisafidianana, sy mitaky fanovàna raha tsy mahafa-po ny fitantanana. Ny demokrasia dia mety ho demokrasia mivantana, izay ahafahan'ny olom-pirenena mifidy mivantana amin'ny fanapahan-kevitra lehibe, na demokrasia repoblikana, izay ahafahan'ny olona mifidy solontena hanatanteraka ny safidiny amin'ny fitondrana. Izany dia manampy amin'ny fanamafisana ny zo sy ny fahalalahana ho an'ny tsirairay ao amin'ny fiaraha-monina.

Araka izany, ny fahefana dia hery entin'ny mpitondra mandidy sy manapaka eo amin'ny vahoaka entiny. Ny fahefam-bahoaka kosa dia rafitra iray manome lanja ny safidim-bahoaka ao amin'ny fanjakana. Hohazavaina manaraka ireo fepetra takiana amin'ny fampijoroana ny fahefam-bahoaka.

Maro ireo fepetra takiana raha fahefam-bahoaka marina no tiana hajoro. Voalohany amin'izany, ny fitsinjovana ny fahefan'ny tsirairay. Isaky ny misy fanapahan-kevitra goavana eo amin'ny fitondrana, toy ny fifidianana filoham-pirenena, na solombavambahoaka … dia zava-dehibe indrindra ny fanomezana fahefana aneho hevitra ho an'ny vahoaka tsirairay. Ohatra amin'izany ny fanaovana fifidianana mba andraisan'ny tsirairay anjara amin'izay safidiny. Sarobidy tokoa mantsy ny fanehoan-kevitry ny isam-batan'olona.

Faharoa, manan-danja lehibe eo amin'ny fahefam-bahoaka ihany koa ny filaminana. Izany mantsy no fototra iorenan'ny zavatra rehetra atao eo amin'ny fiainana, ary mila fandriam-pahalemana hatrany ny vahoaka na toy inona na toy inona rafi-pitantanana eo. Ny filaminana ihany koa dia fototra iray amin'ny fandrosoana sy ny fiarovana ny soatoavina iombonana amin'ny fiaraha-monina. Rehefa misy filaminana, dia mivoatra sy misandratra ny sehatra ara-toekarena, ara-tsosialy, sy ara-kolotsaina. Amin'ny alalan'ny filaminana dia azo atao ny manampy ny olona hanatanteraka ny asa sy ny andraikiny am-pilaminana, ka hahafahana manatratra tanjona sy maniry fiainana tsara kokoa ho an'ny tsirairay sy ny fiaraha-monina manontolo.

Fahatelo, anisan'ny tebokevitra lehibe iray mifanindran-dalana amin'ny fampijoroana fahefam-bahoaka ny fitandroana ny fahatezan'ny fiarahamonina. Raha hazavaina misimisy kokoa dia ny fampijoroana ny fiarahamonina tsirairay. Laharam-pahamehana eo amin'ny Malagasy mantsy izany fahaizana mifandray amin'ny fiarahamonina izany ka tokony hipetraka hatrany ny fanajana azy. Ilaina ny fifanampiana, firaisan-kina, fihavanana, fifampitsimbinana, fifankatiavana ao anaty fiarahamonina mba hampivoatra ny isam-batan'olona ao anatiny ka hahatongavana any amin'ny tanjona tiana hotratrarina. Manaporofo izany ilay ohabolana milaza fa "Trano atsimo sy avaratra ka izay tsy mahalen-kialofana."

Raha hita teo ary fa ilaina ny fitsinjovana ny fahefan'ny tsirairay sy ny fitandroana ny filaminana ary ny fitandroana ny fahatezan'ny fiarahamonina rah ate hampijoro ny fahefam-bahoaka. Andeha hohalalinina ao amin'ny fizarana farany ireo vokatra ateraky ny fampijoroana ny fahefam-bahoaka.

Amin'ny ankapobeny, saika vokatra tsara avokoa no ateraky ny fampijoroana ny fahefam-bahoaka. Maro ireo tombontsoa azo rehefa mahay miara-miasa ny roa tonta izany hoe ny mpitondra sy ny vahoaka entiny. Ohatra amin'izany ny **fahafahana miteny sy maneho**

hevitra. Ao amin'ny demokrasia, ny olona dia manana fahafahana haneho ny heviny sy hanana fiantraikany amin'ny fanapahan-kevitra. Izy io dia manampy amin'ny fanitarana ny fahaiza-manao amin'ny fifidianana sy ny fifanakalozan-kevitra.

Rehefa demokrasia ihany koa no manjaka dia azo lazaina ho milamin-tsaina ny vahoaka satria nisy anjara biriky nentiny eo amin'ny fitondrana. Azo lazaina ho milamina ny fanjakana rehefa manjaka izay fifampihainoana sy fifampitokisana eo amin'ny roa tonta izay, indrindra fa ny fihainoana ny hetahetam-bahoaka. Ary farany, rehefa milamina ny fifandraisana eo amin'ny mpitondra sy ny entina, mety hangarahara ny fitantanana amin'ny ankapobeny, misy ny fifampitokisana dia mihamivoatra ny firenena hany ka miteraka fandrosoana lehibe izany.

Raha fintinina ary izay rehetra voalaza dia hita fa ny atao hoe fahefana dia fahafahana manao zavatra iray tsy misy fisalasalana izany hoe hery enti-mandidy sy manapaka. Ny fahefam-bahoaka kosa dia rafi-pitantanana iray manome lanja ny safidim-bahoaka amin'ny alalan'ny fifidianana. Maro ireo fepetra takiana amin'ny fampijoroana izany rafitra izany toy ny: fitsinjovana ny fahefan'ny tsirairay, ny fitandroana ny filaminana, ny fahatezan'ny fiarahamonina. Miteraka fandrosoana izany vokatry ny fahaizana miara-miasa sy ny fifampitokisana misy eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka entina ary ny filaminan'ny fanjakana. Mba manao ahoana kosa ary ireo rafi-pitantanana hafa?

<u>LAZA ADINA VI</u>: «Izay manam-bola, izay manam-bava, ireo no marina ekena lalan-dava». Fakafakao sy tsikerao

Anisan'ny tsangan-kevitra iray napetraka ho fandrindrana ny fiarahamonina malagasy ny marina. Vokatry ny hasarotry ny fiainana ankehitriny anefa dia tsikaritra fa miha takona izany marina izany. Milaza izany indrindra eto ny laza hevitra manao hoe "Izay manam-bola, izay manam-bava, ireo no marina ekena lalandava." Mipetraka ary ny fanontaniana hoe: Iza avy ireo marina ekena eo amin'ny fiarahamonina? Entina mamaly izany dia andeha hofakafakaina voalohany fa ireo izay manam-bola sy izay manam-bava tokoa no manana ny marina, hoporofoina ao amin'ny fizarana faharoa kosa fa misy ihany koa olona manao izay tokony hatao ekena ho marina eny amin'ny fiarahamonina, ary ao amin'ny fizarana farany no androsoana ireo vokatry ny fanaovana ny marina.

Andaniny, izay manam-bola sy izay manam-bava tokoa no manana ny marina. Raha ny zava-misy ankehitriny no dinihina, dia azo ambara fa ireo olona izay manam-bola no to teny sy ankatoavina eny anivon'ny fiarahamonina. Izay manam-bola no manana fahefana sy hery amin'ny fiainana. Mety ho marina amin'ny toe-javatra sasany, satria ny vola dia afaka manampy olona hahatratra ny tanjony, hanana fidirana amin'ny loharanon-karena sy hery. "Ny vola no hozatry ny fiainana." Hoy ny fitenenana. Manampy izany i Iharilanto Patrick Andriamangatiana ao amin'ny boky Vakivakim-piainana "An'Andriamanitra ny fahamarinana fa an'ny vola ny rariny eto an-tany." Ny tsy manana kosa manoloana izany, dia voatery manaiky tsy sazoka izay tapaky ny manan-karena ihany.

Ny fiteny hoe « izay manam-bava no manana ny marina » dia fiteny iray izay midika fa ny olona izay manana fahavononana hiteny sy hanambara ny heviny dia matetika raisina ho marina na mahomby amin'ny resaka na olana iray. Amin'ny ankapobeny, manambara fa izay olona mahay miteny na mahay miresaka no afaka mandresy na mahazo laza amin'ny hafa, na dia mety ho diso aza ny hevi-dehibe na ny votoatin'ny zavatra lazainy. Ny

ohabolana dia milaza fa “Teny zato, kabary arivo, fa ny marina tokana ihany.” Ity fiteny ity dia manasongadina ny maha-zava-dehibe ny fahaiza-miteny sy ny fahaiza-mampita hevitra ary indrindra indrindra ny fahasahiana maneho hevitra eo amin’ny fiainana andavanandro.

Raha zohina izany, ny fananam-bola sy ny fahasahiana maneho hevitra eto no raisina ho marina ka tsy maintsy eken’ny fiarahamonina noho ny hery sy ny fahefana ananany. Na dia mitombina amin’ny ampahany ihany aza ny fanehoan-kevitra arosony. Andeha hoporofoina manaraka kosa fa tsy izay ihany ny marina ekena eo anivon’ny fiarahamonina.

Ankilany, ny olona efa lehibe, efa azo lazaina ho nahazoazo taona, ny olona efa voky andro ihany koa dia ekena ho manana ny fahamarinany noho ny fiheverana fa efa ela niainana azy ireny. Matetika mantsy izy ireny efa mahay manavaka ny mety sy ny tsy mety, ny tsara sy ny ratsy nandritra ny fiainana natrehiny. Eo ihany koa ny haja apetraka amin’izy ireo. Ohatra amin’izany ny zokiolona monina eo amin’ny tanana izay tsy tia kolikoly, tsy manavakavaka … Ny ankamaroan’izy ireny dia olon’ny soatoavina malagasy, toy ny mpandala ny fihavanana, ny fifanampiana …

Ankoatra izay, ny marina ekena ihany koa dia izay mahitsy eo amin’ny fitondran-tena, olona eken’ny rehetra fa manao ny mety sy tsara tokony hatao eo amin’ny fiarahamonina. Hoy ny oha-pitenenana hoe “Ny marina tsy mba maty.” Olona tsy zovina amin’ny besinimaro intsony ary efa iaraha-mahalala amin’ny fananany toetra tsara, fanarahana antsakany sy andavany ny fitsipika ifampifehezana ao, izany hoe tsy mandika ny lalana efa napetraka eo amin’ny fiarahamonina misy azy. Ireny no atao hoe “olo-marina” satria olon’ ny fahamarinana sady olon’ny fahendrena.

Isan’ny marina azo ekena eo amin’ny fiarahamonina ihany koa dia ireo fitsipika efa napetraka ifampifehezana, ny fanarahana ireo soatoavina sy fahendrena samihafa izay maneho ny kolontsaina malagasy. Ohatra, tsy azo atao eo amin’ny fiarahamonina ny mangalatra, ny mamono olona, ny manao tsinontsinona. Fa ilaina kosa ny maneho fihavanana izany hoe fanehoana fifandraisana tsara amin’ny manodidina, fiarahabana azy ireo, fanehoana fahalalam-pomba… Ireny lamina efa nipetraka tany aloha ireny dia mbola ekena ho marina foana ankehitriny.

Hita teo ary, fa ireo zokiolona efa ela niainana, izay manao ny mety sy ny tsara eo amin’ny fiarahamonina ary ireo lamina efa nipetraka sy karazam-pitsipika ifampifehezana dia azo ekena ho marina ihany koa. Hohazavaina ato amin’ny fizarana farany ary, ny vokatry ny fanaovan’ny tsirairay ny marina.

Amin’ ny ankapobeny, tsara avokoa ny vokatra ateraky ny fanaovana ny marina. Voalohany, miteraka filaminan-tsaina ny fanaovana azy. Rehefa manao ny marina sy izay tokony hatao mantsy ny olona iray dia azo ambara fa mandry ny eritreriny manoloana iny zavatra iray iny. Tsy mampisy ahiahy ary mba tsy enjehin’ny eritreritra araka ny ohabolana hoe “Aleo enjehin’ny omby masiaka toy izay enjehin’ny eritreritra.”

Faharoa, ny fanaovana ny marina eny amin’ny fiarahamonina na eo amin’ny firenena mihitsy aza dia mahatonga ny olona iray ho modely sy fitaratra eo amin’ny faritra misy azy. Hany ka lasa olona voatokana sy to teny amin’ireo mpiray monina aminy satria olo-marina. Ny teny « olo- marina » dia midika hoe « manao ny tsara » na « manao ny tokony ho izy. » Izy io dia mamaritra ny fihetsika amin’ny fahitsiana sy ny fahamendrehana, izay manaraka ny fitsipika sy ny soatoavina ara-moraly. Raha ampiasaina amin’ny fiteny andavanandro, dia manondro olona iray izay miezaka hanatanteraka ny tokony ho izy, amin’ny fomba mahitsy sy manara-dalàna.

Fahatelo, ny fanaovana ny marina hatrany dia mitarika ny olona hanaja anao sy hanome hasina anao ka mahatonga ho lasa mamy hoditra eo amin'ny fiarahamonina. Araka ilay fomba fitenenana manao hoe "Tsy hosoran-tantely ny mamy hoditra na ny hosoran-tsakay no mangidy hoditra fa ny atao no mahasoa na maharatsy." Raha hazavaina tsotsotra izany dia izay hetsika sy fitondran-tena asehonao ihany no mamaritra ny hasina sy ny toerana misy anao eo amin'ny fiarahamonina.

Eto am-pamaranana ary dia tsapa sy taratra eny amin'ny fiainana andavanandro tokoa fa izay manam-bola sy izay sahy maneho hevitra no manana ny marina. Tsy izany ihany anefa, fa ireo fitsipika ifampitondrana, ny lamina efa napetraka tany aloha, ireo kolontsaina mampiavaka ny firenena iray, ny zokiolona izay efa ela niainana dia ekena ho marina eny amin'ny fiarahamonina ihany koa. Betsaka ireo tombontsoa azo avy amin'ny fanaovana ny marina toy ny filaminan-tsaina, mba ho lasa fitaratra sy modely ary mba ho hajain'ny mpiray monina ka omeny hasina. Mety hisy voka-dratsy ary ve ny fanaovana ny marina?

<u>LAZA ADINA VII</u>: "*Aleo very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana*." Fakafakao sy tsikerao

Anisan'ny soatoavina iray izay nolalain'ny Malagasy fatratra ny fihavanana. Manoloana ny hasarotry ny fiainana ankehitriny anefa, dia efa mihavery lanja izany. Milaza eto ny ohabolana iray hoe: "Aleo very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana." Mampametra- panontaniana izany manao hoe: Aleo tokoa ve very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana? Mba hamaliana izany fanontaniana izany dia andeha hohazavaina ao amin'ny fizarana voalohany ny lanjan'ny fihavanana eo amin'ny Malagasy. Hofakafakaina manaraka ao amin'ny fizarana faharoa kosa ny maha zava-dehibe ny vola amin'ny fiatrehana izao fiainana izao, ary hohalalinina ao amin'ny fizarana farany ny vahaolana haroso mba hananana fihavanana mirindra amin'izao fiainana izao.

Maro karazana ireo soatoavina malagasy, anisany manan-danja lehibe amin'ireny ny fihavanana. Raha ny tantara no tsiahivina, dia malaza amin'ny fitandroana ny fihavanana mihitsy ny Malagasy ary nametraka izany ho laharam-pahamehana. Tsy afa-misaraka amintsika olombelona mihitsy ny fihavanana arak any ohabolana hoe "Ny fihavanana ohatra ny landy: maty isika, ifonosana, velona itafiana, ka ny madilana arahim-panondro". Rehefa mifameno sy miara-miasa amin'ny fihavanana mantsy ny olona eny anivon'ny fiarahamonina, dia ho lasa mahery sy mahavita zavatra betsaka. Manamafy izany ny ohabolana **hoe: "Ny hevitry ny maro mahataka-davitra." sy « Ny fihavanana no hahatonga ny hery, ary ny hery no hitarika amin'ny fahombiazana. »** Raha zohina izany, dia tombony lehibe ho an'ny faritra iray ny fampanjakana ny fihavanana ao aminy.

Manaraka izany, endrika isehoan'ny fihavanana ihany koa ny fifanampiana. Mampitambatra ny tokantrano maromaro anatin'ny fiarahamonina iray ny fahaizana mifanampy amin'ny fiatrehana ny fiainana. Zava-dehibe indrindra ny fahaizana mifandray amin'ny manodidina satria ny olombelona dia tokony ho olon'ny fiarahamonina hatrany ka tokony haneho izay firaisan-kina izay. Manaporofo izany ny ohabolana milaza fa "Trano atsimo sy avaratra ka izay tsy mahalen-kialofana." Sy ny "Tanan-kavia sy havanana ka izay didi-marary."

Tsy izany ihany, fa eo ihany koa ny fanehoana fifampitsimbinana sy fifankatiavana izay anisan'ny toetra anehoana ny fihavanana. Ilaina ny fitandroana ny fihavanana sy ny fifampitsinjovana eo amin'ny isam-batan'olona ary ny fahaizana mifankatia. Araka ny ohabolana hoe "Ataovy toy ny fihavanam-bava sy tanana: raha marary ny tanana mitsoka

ny vava, raha marary ny vava manafosafo ny tanana.” Eo ihany koa ny hoe “Ataovy toy ny fihavanam-bato ka raha tapaka tsy azo atohy, fa ataovy toy ny fihavanan-dandy, raha madilana azo tentenina.”

Hita teo ary fa soatoavina tsy afa-misaraka amin’ny Malagasy tokoa ny fihavanana ary tena sarobidy ny fitandroana izany izay nahatonga ny fitenenana hoe “Aleo very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana”. Hohazavaina ato amin’ny fizarana manaraka kosa indray fa zava-dehibe ihany koa ny fananam-bola.

Manoloana ny fidangan’ny vidim-piainana ankehitriny, dia tsikaritra eo amin’ny fiainan’ny olona fa aleo very tsikalakalam-pihavanana toy izay very tsikalakalam-bola. Nivadika ho toy izany ny ohabolana noho ny fiheverana fa “Ny vola no hozatry ny fiainana.” Ny vola mantsy no fototry ny filana rehetra ary ny tsirairay dia mikatsaka ny hitady vola avokoa, araka ilay oha-pitenenana hoe “Ny vola Ramangatadiavina, ny aina Ramangatahiana.” Ny sakafo, ny fianarana, ny trano fonenana, ny fanafody raha marary, ny kojakoja samihafa ilaina amin’ny fiainana andavanandro, ny adidy isan-karazany … dia ilana vola avokoa izany.

Ankoatra izany, ny fananan’ny olona vola ihany koa ankehitriny dia efa ampy manome voninahitra sy manavaka azy eo amin’ny mpiara-belona. Manamarina izany ilay fitenenana hoe “Ny vola no maha rangahy.” Lasa manavaka saranga eo amin’ny fiarahamonina ny vola ka mahatonga ny sasany hanilikilika sy hanavakavaka ny tsy manana araka ny hoe “Ny omby mahia tsy lelafin’ny namany.” Tsy mijery izay endri-pihavanana izany intsony ny ankamaroan’ny olona, ary samy variana any an-tranony avy manao izay mampandeha ny fiainany.

Aleon’ny olona ihany koa mikatsaka vola toy izay mikatsaka fihavanana. Ohatra amin’izany ny karazana fandrobana mivoaka vaovao amin’ny haino aman-jery samihafa izay mitantara fanafihana, fanendahana vola sy firavaka ka tonga hatramin’ny famonoana olona mihitsy aza. Lasa miteraka hevi-dratsy eo amin’ny olona sasany ny fitiavam-bola hany ka tsy vitan’izay tsy fitandroana ny fihavanana fa tonga hatramin’ny fanaovana tsinontsinona ny ain’ny hafa mihitsy aza.

Tsapa ary fa tena ilaina eo amin’ny fiainana andavanandro ny vola, noho izy fototry ny filana rehetra, ary tsy afaka miaina tsy misy vola isika. Ny fananam-bola ihany koa no manjary manome haja sy voninahitra eo amin’ny fiarahamonina. Inona avy kosa ireo vahaolana haroso mba hananana fihavanana mirindra amin’izao fiainana izao?

Voalohany, na mafy aza ny fiainana dia ilaina hatrany ny fahaizana mihavana toy ny fifanampiana samihafa satria tsy mahavita tena ny olombelona. Manamarina izany ihany koa ilay ohabolana hoe “Ny firaisan-kina no hery.”, fa tsy vitan’ny samy maka ho azy any an-tranony ny fiainana. Ohatra, raha misy loza: trano may dia tokony hifamonjy hamono ny afo, hiantso ireo mpamonjy voina, hamoaka entana, hanao tana-maro ny mpifanolo-bodirindrina fa tsy mihainohaino fotsiny.

Faharoa, ny vola dia fitaovana natao ividianana izay entana ilaina eo amin’ny fiainana fa tsy natao hanilihana ireo izay tsy manana azy, na hieboeboana na handravana ny fihavanana. Tokony ho ampiasaina amin’ny tsara ny vola, tahaka ny fanaovana asa fanasoavana ny mpifanolo bodirindrina. Raha ampy ny enti-manana dia tsara ny mba manolotra izay kely voatsirambin’ny tanana amin’ireny mpiray tanana tratry ny fahasahiranana ireny, satria hoy ny fitenenana hoe “Tsy misy manana ny ampy fa sambatra izay mifanampy.” sy “Mba ho soroka iaraha-milanja sy tongotra miara-mamindra” amin’ny mpiray monina amin’ny fiadiana ny fahantrana.

Eto am-pamaranana dia voaporofo fa zava-dehibe eo amin'ny Malagasy ny fiarovana ny fihavanana. Noho ny hamafin'ny fiainana ankehitriny anefa dia tsikaritra fa variana mitady vola ny olona entina manjifa ny akora madinika ilaina amin'ny fiainana andavanandro ka mahatonga ny vola hanjaka. Tsapa ihany koa fa zara raha mihatsaravelatsihy ny ankamaroan'ny olona na dia mpihavana akaiky izao aza, maika moa fa ny mpiray monina. Mba hahatsara izany fifandraisana efa miha very izany anefa dia tokony hohamafisina ny fifanampiana sy ny fifampitsinjovana eo amin'ny mpiara-belona. Ny vola dia natao hanasoavana sy hanampiana ny hafa fa tsy natao hanilihana ka andravana fihavanana.

<u>LAZA ADINA VIII</u>: "*Ny lainga toy ny vato am-balam-parihy, na tsy hitam-pangady raha lohataona aza, hitan'ny antsy raha fararano*." Fakafakao

Lamina iray napetraka ho fandrindrana ny fiainan'ny fiarahamonina ny fanaovana ny marina. Noho ny hetraketraky ny fiainana ankehitriny anefa dia toa samy mitady izay heveriny ho tombontsoany ny olona ka zara raha misy manao ny marina. Milaza eto ny laza adina manao hoe "Ny lainga toy ny vato am-balam-parihy, na tsy hitam-pangady raha lohataona aza, hitan'ny antsy raha fararano." Mipetraka ary ny fanontaniana hoe: Tsy misy marina izay tsy hiseho tokoa ve? Entina mamaly izany dia andeha hofaritana ao amin'ny fizarana voalohany ny atao hoe marina, hohazavaina ao amin'ny fizarana faharoa kosa ireo toetry ny marina ary hofakafakaina ao amin'ny fizarana farany ny vokatry ny tsy fanaovana ny marina.

Hofaritana ato amin'ny fizarana voalohany ny atao hoe marina. Ara-piforonan-teny, ny teny hoe marina dia mpamari-toetra avy amin'ny fototeny "arina" izahay ahazoana ny fototeny hoe arenina, miarina, manarina. Raha dinihina ny hevitr'ireo dia azo ambara ihany koa fa ny marina dia midika hoe mijoro mahitsy tsara, tsy miroana, atsy sy aroa, tsy mitomgilana. Amin'ny lafiny iray koa, ny marina dia mitovy tantana, tsy misy avo sy iva na mikitoantoana fa mahitsy.

Raha eo amin'ny fiarahamonina, ny atao hoe marina dia izay eken'ny rehetra fa mety na tsara ka tokony hatao. Ny marina ihany koa dia fanarahana antsakany sy andavany ny fitsipika ifampifehezana ao, izany hoe tsy mandika ny lalana efa napetraka eo amin'ny firenena iray. Raha ny eto Madagasikara manokana, isany amin'izany ny lalam-panorenana. Tokony ho eo ambany lalana avokoa ny mponina rehetra.

Ny lainga kosa indray dia izay rehetra mifanohitra amin'ny marina. Raha hazavaina tsotsotra izany dia famoronana ivelany fotsiny ihany; izany hoe tsy mifanaraka amin'izay nolazaina naloaky ny vava ny tena zava-misy mitranga. Ohatra amin'izany, ny vaovao sasany miparitaka amin'ny haino aman-jery nefa rehefa hadihadiana dia voaporofo fa tsy mitombina akory. Azo lazaina ho lainga ihany koa ny tsy filazana sy ny fanafenana ny marina.

Hita teo ary fa ny atao hoe marina dia midika hoe mahitsy, izay eken'ny rehetra fa mety sy tokony hatao, ny fanarahana ny fitsipika mifehy izay nifanarahana. Ny lainga kosa indray dia izay mifanohitra amin'ny marina, ny tsy filazana izay zava-misy tena nitranga. Hohazavaina ato amin'ny fizarana manaraka ireo toetry ny marina.

Voalohany, anisan'ny toetra mampiavaka ny marina izy tsy maintsy mipoitra foana, na ho ela na haingana. Manaporofo izany i Charles RANAIVO milaza fa "Tsy maty na oviana na

oviana ny marina.” sy ny oha-pitenenana hoe “Ny marina tsy mba maty”. Ny tsy filazana ny marina, izany hoe ny lainga volen’ny olona dia sarontsarona ivelany fotsiny ihany ary tsy maharitra, araka ny ohabolana hoe “Mahavonjy poritra fa tsy mahavita taona ny lainga”. Araka izany, tsy maintsy ho tratra foana ny lainga ary hiseho ny marina.

Faharoa, mora takona ny marina. Noho ny safotofoton’ny fiainana ankehitriny, dia mandainga ny olona, manakona ny marina rehefa nanao ny tsy mety, nahatsapa diso na mikendry tombontsoa manokana. Mety ho takon’ny vola izany, na fahefana samihafa … Na izany aza anefa dia mipoitra eny ihany ny marina. Manamarina izany ilay ohabolana hoe “Ny marina toy ny volamena latsaka am-bovoka ka tsy avelan’ny hasoany tsy hihiratra.”

Fahatelo, azo lazaina ho saro-tadiavina ny marina. Raha te hahafantatra ny marina, tsara ny hanaovana fanadihadiana lalina sy famakafakana mba hahaizana manavaka ny vary sy ny tsiperifery. Mety hiseho amina endrika maro mantsy ny lainga ataon’ny olona entina mandresy ny marina, hanakonany ny ataony. Milaza izany indrindra ny ohabolana manao hoe “Ny marina toy ny trondro vaventy, tsy hita raha tsy any amin’ny rano lalina.”

Araka izany, tsy maintsy hiseho foana ny marina, mora takona izy ka saro-tadiavina. Andeha hovahavahana ato amin’ny fizarana farany ireo vokatra ateraky ny lainga.

Amin’ny ankapobeny, voka-dratsy avokoa no ateraky ny tsy fanaovana ny marina na ny fandaingana, isan’izany ny tsy filaminan-tsaina. Na ho ela na ho haingana, rehefa tsy olo-marina, rehefa nanao ny tsy tokony hatao, tsy nilaza ny marina dia mety hitebiteby, hikorontan-tsaina, tsy mandry eritreritra … Ny ohabolana mantsy milaza fa “Aleo enjehin,ny omby masiaka toy izay enjehin’ny eritreritra.”

Manaraka izany, ny lainga ihany koa dia miteraka fahazaran-dratsy eo amin’ny olona izay lasa toetra manefy azy aty aoriana ka manimba azy. Tsy voatery hijanona amina lainga iray mantsy ny olona fa mety hitarika lainga hafa vaovao indray iny, ary mitohy foana izany. Hany ka mahatonga tsy fahatokisan’ny hafa ny tena intsony. Raha mamoaka lainga ny olona iray , dia mety hanimba ny fitokisan’ ireo fiarahamonina izany. Rehefa latsaka ny fitokisana, dia lasa sarotra ny mamerina azy, ary mety hiteraka fifandirana sy fahasahiranana amin’ny fifandraisana.

Tsy izany ihany, rehefa mandika lalana ny olona iray dia efa azo lazaina ho olo-meloka. Mety hibaby ny heloka nataony izy aorian’ny fitsarana azy, izany hoe tsy hanana ho avy mamiratra. Ohatra amin’izany, ny olona mpisoloky izay raran’ny lalana. Voaheloka hanefa sazy any am-ponja aman-taonany maro ny mpisoloky rehefa tratra. Ity farany moa dia asa ratsy satria mifototra amin’ny tsy fahamarinana, ny lainga sy ny fampiasana hosoka.

Raha fintinina ary izay rehetra voalaza, ny atao hoe marina dia mahitsy, miovy tantana, izay eken’ny besinimaro fa tokony ho izy ary izay manaraka ny fitsipika ifampifehezana. Ny lainga kosa izay mifanohitra amin’ny tsy fanaovana ny marina rehetra. Hita ihany koa fa na oviana na oviana dia tsy maintsy hipoitra foana ny lainga ka hiseho ny marina na dia mora takona sy saro-tadiavina aza izany. Maro ny voka-dratsy ateraky ny lainga toy ny tsy filaminan-tsaina sy ny fahaverezam-pitokisan’ny manodidina ary mety hanimba ny ho avy mihitsy aza izany. Ankehitriny anefa, maro ireo olona mandainga izay tsy manahy ny ampitsony akory. Manoloana izany, moa ve tsy maintsy habaribary amin’ny manodidina ny marina rehetra?